Izay nihinana hanina ka niteny hoe : Alhamdoulillahillazi At'aamani haza warazakanihi min ghairi hawlin minni wala kowwa, izay midika hoe : Isaorana anie Allah izay nampihinana sy nanome ahy ity sakafo ity, tsy tamin'ny heriko na tanjaka avy amiko, dia ho voavela ny heloka vitany teo aloha

Tatitra azo avy tamin'i Sahli bin Mo'az bin Anas, azony tamin'ny rainy, niteny ny Irak'Allah (S.A.W) manao hoe : "Izay nihinana hanina ka niteny hoe : Alhamdoulillahillazi At'aamani haza warazakanihi min ghairi hawlin minni wala kowwa, izay midika hoe : Isaorana anie Allah izay nampihinana sy nanome ahy ity sakafo ity, tsy tamin'ny heriko na tanjaka avy amiko, dia ho voavela ny heloka vitany teo aloha."
[Tsara] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì, Ibn Màjah ary Ahmad]

Mamporisika ny Mpaminany (S.A.W) ho an'izay mihinana sakafo mba hisaotra an’I Allah, satria tsy manana fahafahana hahita sakafo na hihinana izany aho raha tsy miaraka amin’I Allah Ilay Tsitoha sy ny fanampiany. Avy eo ny Mpaminany (S.A.W) dia nanome vaovao mahafaly ho an’izay rehetra nilaza izany fa mendrika ny famelan’I Allah ny fahotana kely vitany teo aloha.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5431